Vehivavy TIM 3

Rahampitso zoma, hiarahaba ny filoha Ravalomanana

Fitondrana Rajoelina 2

Tapi-dalan-kaleha, akoho tsy naneno toy izay lanin'ny kary

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 5 janoary 2023 | Laharana 1386 | Vidiny : 600 Ar

AFK 4 5

Appel à manifestation d'intérêt par rapport à notre essai de réponse aux problématiques de développement de Madagascar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Filoha Ravalomanana. Taona 2023 2

Misorata anarana amin' ny lisi-pifidianana, hifidy isika

Kardinaly Tsarahazana 2

Mafy sy sarotra ny zavatra atrehintsika isan'andro

Fanapenam-bava ataon-dry Rajoelina 3

Naverina eny amin'ny fonjan'Antanimora indray i Malama


CIRCONSCRIPTION DE LA GENDARMERIE D'ANTANANARIVO
SECTION DE RECHERCHES CRIMINELLES ANTANANARIVO

Antananarivo, le 01 janvier 2023
NR 001 -SRC/2-CONV.

CONVOCATION

NOMS ET PRENOMS: - MANANDAFY Mahery Lanto

ADRESSE: Bâtiment P Porte 42 cité Ampefiloha

Est invité à se présenter au bureau de la Section de recherches criminelles de la gendarmerie nationale sis à Fiadanana ANTANANARIVO.

Date de présentation: dès la réception de la présente convocation

Prière de se munir de la pièce d'identité avec la présente convocation.

MOTIF: Mandat d'arrêt

REFERENCES: - Jugement N° 2669-CO du 17 décembre 2020.
- Mandat d'arrêt n° 1375-RP/20/IS/PR/V

ENQUETEUR (S): CNE SOLOFO – GPCE TIANA – G1C CLAUDE

Le colonel Tahina RAVELOMANANA
Chef de la section de recherches criminelles

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) 7

Manana lalana hamoahana ny firenena ao anaty fahantrana



Coupe des Sélections régionales U19 6

Nampahafantarina manontolo teny Isoraka tamin'ny talata

Ny Valosoa sy Mahasoa 8

Ny soa azo avy amin'ny fanetsiketsehana ny vatana

Daka kely

Toa notsihifinareo daholo ny sôsy ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA. TAONA 2023

Misorata anarana amin'ny lisi-pifidianana, hifidy isika

Mbola akon'ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitry ny taom-baovao nataon'ny antoko TIM teny Faravohitra, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, nanambara ny filoha nasionalin'ny antoko Marc Ravalomanana nandritra izany, fa fifidianana miisa 3 no tokony hatao eto amintsika amin'ity taona 2023 ity dia ny fifidianana filohampirenena, ny fifidianana ben'ny tanàna ary ny fifidianana ireo ho mpanolotsaina monisipaly sy mpanolotsaina kaominaly. Tsy maintsy tokony hatao ireo fifidianana ireo hoy izy, satria ny tsy fanaovana izany dia fandikan-dalàna, fandikana ny lalampanorenana, izay lalàna fototra eto amin'ny firenena. Noho izay antony izay hoy i Dada, mamporisika ny olona feno taona hatrany izy sy ny antoko TIM hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana, satria mbola nohalavaina hatramin'ny 31 janoary ho avy izao ny fanavaozana tanteraka izany lisi-pifidianana izany. Tokony hisy ihany koa ny andrimaso hatao, mba tsy hisy hosoka, tsy hisy famitapitahina indray ao anatin'izany. Noho izay antony izay, hanentana ny any amin'ny faritra ihany koa ny Filoha Marc Ravalomanana, ka hanombohany hanaovana izany fanentanana izany amin'ny faran'ny herinandro izao, ny any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy, any amin'ny faritra Diana, ao amin'ny renivohi-paritra: Antsiranana. Ny herinandro manaraka an'io dia any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy, any amin'ny faritra Atsimo Andrefana,… Na izany na tsy izany, efa mivolon'androm-pifidianana ny eto amintsika, satria efa samy nanomboka nihetsika ny ankolafy politika samihafa nanomboka tamin'ny taona 2022 lasa teo iny, samy efa namelo-maso ny antokony na ny vondron'antokony, na ny mpiara-dia amin'ny fitondrana, na ny avy amin'ny fanoherana. Ny irariana dia mba hilamina, sy ho mangarahara ary marina ny fifidianana hatao eto amintsika amin'ity taona ity.

Ny filoha Marc Ravalomanana.

Isambilo

Kardinaly Tsarahazana

Mafy sy sarotra ny zavatra atrehintsika isan'andro

Ho fanamarihana ny andro faha-56 maneran-tany ho an'ny fiadanana (paix), ny 01 janoary 2023 teo, nisy ny hafatra avy amin'ny Kardinaly Desiré Tsarahazana :

"Voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny avo indrindra, ary fiadanana ety an-tany ho amin'ny olona tsara sitra-po" (Lioka 2, 14)
Ry rahalahy sy anabavy ao amin'ny Jesoa Kristy,
Homba anareo anie ny Fiadanana!
Vao avy nankalaza ny misterin'ny fahatongavana ho nofo isika ary mbola ao anatin'ny vanim-potoanan' ny Noely tanteraka ny Fiangonana, ka amin'izao fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny fiadanana (Journée mondiale de la Paix) izao dia mamelà ahy ianareo raha hindrana ny tonon-kiran'ireo anjely tamin'ny mpiandry ondry tany an-tsaha raha vao avy nampahafantatra ny nahaterahan'i Mesia izy ireo, ka niantsa hoe: "voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny avo indrindra, ary fiadanana ety antany ho amin'ny olona tsara sitra-po" (Lioka 2, 14).
Mampahatsiahy antsika izany, fa ny fiainantsika olombelona, indrindra ny andavanandrom-piainantsika kristianina dia tokony ho feno fiderana sy fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra. Na dia mafy sy sarotra aza ny zavatra atrehintsika isan'andro dia tsy tokony ho adinontsika ny manome voninahitra Azy Andriamanitra Ray mpahary antsika, nanome antsika an'i Jesoa Kristy zanany, mba hitondra famonjena ho an'izao tontolo izao. Mendrika Azy ny dera sy ny voninahitra satria tia antsika mandrakariva izy, tsy manam-pahataperana ny famindram-pony amintsika mpanota, ary tsy mitsahatra ny mandrotsaka ny fahasoavany amintsika tsirairay avy izy. Matoa mbola velon'aina isika tsirairay avy dia fahasoavana avy aminy izany.

Ny Kardinaly Desiré Tsarahazana.

Koa omeo Azy ny voninahitra amin'ny alalan'ny antsa, vavaka amin'ny endriny maro samihafa, fa indrindra amin'ny fanolorantsika isan'andro ny fiainantsika eo am-pelatanany. Ilaina dia ilaina tokoa izany satria raha ny zavatra hita sy tsapa eto amin'ny firenentsika tokoa manko dia mihamaro isan'andro ny isan'ny kristianina, mitombo ny isan'ny fiangonana, nefa eo anatrehan'izany dia mihanaka etsy sy eroa ihany koa ny ratsy amin'ny endriny maro samihafa toy ny famonoana olona, kolikoly, halatra isan-karazany, fisolokiana, famitaham-bahoaka, fanodinkodinana fananam-panjakana mba hahazoana tombotsoa manokana, fanondranana antsokososo ny harem-pirenena izay tokony hanasoavana ny vahoaka Malagasy, herisetra amin'ny endriny maro samihafa… ary ny mampalahelo dia maro ireo kristianina no tompon' antoka sy ao ambadik'ireny zava-mitranga ireny, izay mifanipaka tanteraka amin' ny soa toavina sy ny finoana an'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Toa zary fombafomba ety ivelany fotsiny sisa no mahakristianina antsika, fa raha ny andavan'androm-piainantsika dia tsy manome voninahitra an'Andriamanitra. Koa atolory Azy ny fiainantsika manontolo, aoka ho voninahitr'Andriamanitra irery ihany ny zavatra rehetra izay ataontsika amin'ny fiainana andavanandro.
Manaraka izany, ny tononkira nataon'ireo anjely dia maniry dia maniry ihany koa ny mba hanjakan'ny Fiadanana eto amintsika olombelona miriaria sy miaina eto an-tany. Tsy ho tanteraka anefa io raha tsy isika mihitsy no samy miara-misalahy, mandray ny andraikitra tandrify azy, mba hikatsaka sy hampanjaka izany fiadanana izany. Fiadanana inona tokoa moa no ho hitantsika raha toa ka tsy misy sakafo hohanina ny ankamaroan'ny olona nohon'ny fidangan' ny vidim-piainana? Fiadanana tahaka inona no higohantsika raha toa ka mandry tsy lavo loha ny ankamaroan'ny Malagasy, satria manjaka etsy eroa ny tsy fandriampahalemana? Fiadanana manao ahoana no andrasantsika raha toa ka maro ireo tsy manankialofana nohon'ny fangalarana ny tanin'izy ireo, izay ataon'ireo tsy matahotody? Tsy hisy fiadanana raha tsy ampanjakaina ny fandriampahalemana; tsy hisy fiadanana raha tsy ny marina, ny rariny, ny hitsiny no ahindrahindrantsika sy lolohavina an-tampon'ny loha; tsy hisy fiadanana raha tsy entina anasoavana ny besinimaro ny fananam-bahoaka sy ny harem-pirenena; tsy hisy fiadanana raha tsy tandrovina sy hajaina ny soa iombonan'ny vahoaka Malagasy. Amin'izao fankalazana maneran-tany ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fiadanana izao dia manainga antsika manokana ny Papa Fransoa mba hifanome tànana, hiara-misalahy fa ny fiarahantsika mientana ihany, no ahafahana mametraka sy mampanjaka ny tena fiadanana maharitra, mba hahafahana miady sy mandresy ireo olana sy krizy maro samihafa eo amin'ny fiainantsika sy ny fiaraha-monina misy antsika. Mitaky fanetren-tena sy finiavana ary fitiavana ny fampanjakana ny fiadanana, ka samy tompon'andraikitra amin' izany avokoa isika rehetra tsy ankanavaka. Andao hifanome tànana, hiara-hientana, hiara-misalahy hampanjaka izany fiadanana izany eto amin'ity Nosy malalantsika ity.
Ka eto am-pamaranana dia mitso-drano anareo tsirairay avy ny tenako, mba samy hanana finiavana sy herim-po hikatsaka sy hampanjaka izany fiadanana izany, eo amin'ny sehatra rehetra misy anareo tsirairay avy, ka samy hitondra ny anjara birikiny, mba ho fampandrosoana ity firenentsika ity, mba hiadanan'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka. Mirary dia mirary ihany koa ny tenako mba ho taona anjakan'ny fandriampahalemana sy fiadanana ho an'ny Vahoaka Malagasy tokoa ity taona vaovao 2023 ity. Koa dia apetrantsika eo am-pelatanan'i Masina Maria Renin'ny Fiangonana sy Mpiaro manokana an'i Madagasikara izany faniriantsika izany."

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

Tapi-dalan-kaleha, akoho tsy naneno toy izay lanin'ny kary

Arakaraky ny nirosoan'ny taona, nanomboka tamin' ny taona 2019 no mankaty, no nitrangan'ny fiharatsiana teto amin'ny firenena. Na izany teo amin'ny fiainam-bahoaka andavanandro na teo amin'ny fitantanam-pirenena. Tsy nisy fihatsaràny misongadina mihitsy teo amin'ireny lafiny ireny. Tato anatin' izao fitondrana Rajoelina izao no nahitana zavatra maro isan-karazany namoa-doza na haratsiana amin'ny toetra tsy mendrika ataon'ny olona eo amin'ny fitondrana na manam-pahefana. Mazava loatra, manala baraka ny firenena izy ireny. Raha tsy hilaza afa-tsy ny eto an-drenivohitra, tamin'izao fitantanan'ny Ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina izao, no nahitana haratsiana sy fahapotehina be indrindra, anisan'izany ny lalana izay aleha rehetra simba avokoa. Tsy nisy fialan-tsiny tamin'ny vahoaka ny tenany, fa tena vazaha be tokoa, amin'ny fahalotoana sy ny fako mivangongo nampiainana ny mponin'Antananarivo nandritry ireny vaninandron'ny fety ireny ary mbola mitohy mandraka ankehitriny izany. Fanaovana tsinontsinona vahoaka izany ary tsy fanomezan-kasina azy. Ny renivohitra anefa no fitaratr'i Madagasikara manontolo ary azo itarafana tsara sy andrefesana ny fomba fiasan'ny fitondrana Rajoelina ny zava-misy. Ny Ben'ny tanàna olony rahateo sy mitovy loko aminy, ka tsy misy ialàny bala amin'ny tsy fahombiazana mitondra firenena.

Ankehitriny, hita taratry ny mpandalina ny raharaham-pirenena, fa tampin-dalan-kaleha izao fitondrana izao. Tsy mbola nisy fitondrana sahirana ara-bola toy izao, ary maneho izany ny tsy fandoavana ny volan'olona maro samihafa nahavita asa nampiandreketina azy. Vao mainka koa nanamafy izany ny filazana re fa taraiky ny karaman'ny mpiasam-panjakana. Raha misy sokajin'olona tambatambazan'izao fitondrana izao mafy, ankoatra ny mpitandro filaminana, dia ny mpiasam-panjakana. Tsy ataony manana olana amin'ny karamany ireo hatramin'izay sy raha mbola azony atao, fa tena misy olana tokoa ao izay tsy azony ialàna. Fitondrana sahirana, hany ka tsy misy afa-tsy ny fangataham-bola sy izay ahazoana vola no ataon'ny filohan'ny Repoblika rehefa mivoaka any ivelany manatrika fivoriana an-tampony samihafa. Niala maina anefa tsy nahazo vola raha ny farany teo tany Etazonia, ary dia nitsaitsaika nody nangingina.

Tsy atao hahagaga, ary efa nosoratana hatrany teto amin'ny gazety, fa ireo fototra mampandroso firenena mihitsy no nohitsakitsahin'izao fitondrana izao hatrany am-piandohany sy nataony an-tsirambina. Anisan'izany ny fahamarinana. Hany ka mandrorona ny asa ataony rehetra heveriny hampandrosoana ity firenena ity. Aty amin'ny taona na volana maromaro sisa hitondrany vao mody mikoropaka manambara ny drafi-pampandrosoana efa nambara tany amin'ny taona 2018. "Akoho tsy naneno ohatr'izay lanin'ny kary", hoy ny fitenenana. Raha nanam-pahendrena ny filohan'ny Repoblika, dia naneho fialan-tsiny tamin'ny vahoaka Malagasy noho ny tsy fahombiazany tamin'ny fitantanany tamin'ny kabariny faran'ny taona teo. Ny olana, tsy miaiky heloka izy. "Ny heloka ibabohana anefa mody rariny", hoy ny fahendrena malagasy. Ny olona mahay mitondra sy natao hitondra firenena marina, ao anatin'ny iray na roa taona voalohany itondrany dia efa misy zavatra miova sy mankamin'ny fihatsaràna amin'ny fiainam-bahoaka, ary misy fitohizany hatrany izany mandra-pahatapitry ny fe-potoana iasàny. Mifanohitra amin'izay no nitranga tamin'izao fitondrana izao. Inoana fa mahita izany tsara ny olom-pirenena izay handray fanapahan-kevitra amin'ny fotoam-pifidianana ho avy amin'ity taona ity.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Tsy ekena hiverina intsony izay mpanapotika ny fiainam-bahoaka

Miandoha ity ny taona vaovao 2023, izay ho taona, mampametra-panontaniana hoan'ny mpandinika, hoe hitondra inona amin'ny fiainam-bahoaka sy ny fiainam-pirenena? Taona farany mamarana ny fitondrana Rajoelina ary hidirana amin'ny fifidianana filoham-pirenena ka hanova inona ? Niaraha-nahita tsara ireny ny zava-nisy tamin'ny fihetsika nataon'ny ekipa Rajoelina nialoha ny nigadonan'ny fampielezan-kevitra, sy indrindra ny fotoam-pifidianana tamin'ny taona 2018. Niaraha-nahafantatra tsara ny nataon'ny mpikambana ny Ceni sy ny teo anivon'ny Hcc, tamin'ny fampandresena andRajoelina. Niaraha-nahalala ihany koa anefa ny zava-marina momba izany na dia niniana nafenina izany ary natao mihitsy izay fomba rehetra tsy ipoirany. Nisy fiantraikany tamin'ny fahavitrihan'ny olompirenena mpifidy taty aoriana tamin'ireo fifidianana sisa rehetra. Ankehitriny, migadona indray ny vanimpotoana hisian'ny fifidianana. Sanatriavina, mbola hiverina ve ny fomba ratsy rehetra sy ny fombafomba sy paipaika ratsy hanaovana izay hampahombiazana ny kandidà ironan'ny Ceni sy ny Hcc ? Hoan'ny mpamakafaka politika eto amin'ny firenena, ny fandavan'ny Hcc ny antontan-taratasy napetraky ny HCDDED tany dia fiandohan'ny fandavana samihafa rehetra mifandraika amin'ny « tsy azo raisina sy tsy mitombina ». Efa savaranonando iny, hoy ny mpandinika, ary mbola hoavy ny manaraka. Mila mandinika lalina sy manana politika matotra anaty fahendrena ny antoko politika tsy miaraka sy tsy manohana izao fitondrana izao, indrindra ny eo anivon'ny Rodoben'ny Mpanohitra na ny RMDM. Mila tandremana ihany koa ny tsy iverenan'ny fita-bitro natao tao anaty depiote 73 teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey. Inoana fa efa mivonona amin'izany tanteraka izy ireo sy manana ny paik'adiny ihany koa raha tarafina amin'ny ambaran'izy ireo any amin'ny haino aman-jery miara-dia aminy. Inoana ihany koa fa mihaino an'ireny sy manana ny heviny ny vahoaka.

Ao anatin'ny fitondrana Rajoelina, na tamin'ny andron'ny tetezamita na ny ankehitriny izay efa tsinjo ny fotoana hifaranany, dia volan-kankafotra ny fiainan'ny Malagasy ary tsy hisy fihatsaràny velively, fa ny an'ireo olom-bitsy teratany Malagasy sy vahiny indrindra ny karana, tsy manohintohina azy, na nanohana azy mihitsy, no hahazo vahana sy higalabona amin'ny harenan'i Madagasikara eto. Fahantrana lalin'ny vahoaka no nitranga sy fijotsoan'ny firenena amin'ny lafiny maro samihafa. Izany dia vokatry ny hadisoana safidy ihany noho ny fitaky ny be lazao ka nampitombina mazava ilay fitenenana hoe: "Ny marina mitavozavoza tsy mahaleo ny lainga tsara lahatra". Dia izao iaraha-miaina izao ny vokany. Mila mitoetra eto amin'ity firenena ity amin'izay ny fahamarinana, fa ampy izay taona maro nanakonana sy nanosihosena azy izay, ary mila manjaka amin'izay ny rariny sy ny hitsiny, fa izay ihany no hany lalana hahasoa sy hahavanona ity firenena ity. Miankina amin'ny fahatongavan-tsaina sy fanapahan-kevitry ny olom-pirenena ihany anefa izany.

Sôh'son

FANAPENAM-BAVA ATAON-DRY RAJOELINA

Naverina eny amin'ny fonjan'Antanimora indray i Malama

Mbola mitohy ihany ny fanapenam-bava ataon'ny fitondrana Rajoelina ireo mpampaneno lakolosy, naverina eny amin'ny fonjan'Antanimora omaly indray, i Malama na Mahery Lanto Manandafy. Ny vadiny, Doris Rakoto Samuel, no nampahafantatra izany vaovao izany voalohany omaly, tao amin'ny kaonty facebook-ny.

Mampalahelo tokoa ity raharaha ity, satria raha nivoaka ny fonja i Mahery Lanto Manandafy, fantatra amin'ny anarana ihany koa hoe Malama, ny 31 desambra 2022, dia nilatsaka indray ny didy fampisamborana, izay efa tamin'ny 2020, ka nahazo fampiantsoana teny Fiadanana, sampana fikarohana heloka be vava eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena izy ny 01 janoary 2023.

Raha ny fanambaran'i Doris Rakoto Samuel, vadin'i Mahery Lanto, dia efa eny Antanimora indray ity mpitoroka ny zavatra tsy mety sy tsy ara-drariny eto amin'ny Firenena ity, nanomboka omaly.

Vao nivoaka ny fonja i Malama, dia ny harivan'iny ihany dia niakatra nivahiny tamin'ny fahitalavitra tsy miankina iray, fa noho ny fanajana ny kabary nataon'ny Filoha Rajoelina ny alin'ny 31 desambra 2022, sy ho fahanginana mandritra ny fety, dia tsy nalefa ny andron'iny ny fandaharana, fa ny alatsinainy 2 janoary 2023 teo vao nalefa.

Fampiharana ny didim-pitsarana migadra 1 taona antranomaizina any Ambalatavoahangy Toamasina tamin'ny raharaha Benessy no antony nisamborana azy izao.

Nampidirina vonjimaika ao Antanimora i Mahery Lanto Manandafy, mialohan'ny hamindrana azy any Ambalatavoahangy.

Tamin'ny 17 Septambra 2020 no nivoaka ity didim-pitsarana ity araka ny fampitam-baovao hatrany.

Tsy niova tamin'ny fomba fanehoan-keviny i Malama, ary nilaza mazava fa efa hitany ny fonja, izay faratampony amin'ny antsojay, fa tsy ampihemotra azy izany fa hanohy ny tolona izy dia izao naverina am-ponja izao indray.

Stefa

COMMANDEMENT DE LA GENDARMERIE NATIONALE
RECONSCRIPTION DE LA GENDARMERIE D'ANTANANARIVO
SECTION DE RECHERCHES CRIMINELLES ANTANANARIVO
Lot III N 110 Fiadanana Antananarivo IV

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Antananarivo, le 01 janvier 2023
NR 001 -SRC/2-CONV.

CONVOCATION

NOMS ET PRENOMS: - **MANANDAFY Mahery Lanto**

ADRESSE: Bâtiment P Porte 42 cité Ampefiloha

Est **invité à se présenter** au bureau de la Section de recherches **criminelles** de la gendarmerie nationale sis à Fiadanana ANTANANARIVO.

Date de **présentation**: dès la réception de la présente convocation

Priere de se **munir** de la pièce d'identité avec la présente convocation.

MOTIF: Mandat d'arrêt

REFERENCES: - Jugement N° 2669-CO du 17 décembre 2020.
- Mandat d'arrêt n° 1375-RP/20/IS/PR/V

ENQUETEUR (S): CNE SOLOFO – GPCE TIANA – G1C CLAUDE

Le colonel Tahina **RAVELOMANANA**
Chef de la section de recherches criminelles

ZANDARIMARIAM-PIRENENA FANDROSOANA SY LALANA RENIVOHITRA SECTION DE RECHERCHES FIADANANA - ANTANANARIVO

Ny taratasy fampiantsoana an'i Malama teny Fiadanana, sy izy Mahery Lanto Manandafy.

Vehivavy TIM

Rahampitso zoma, hiarahaba ny filoha Ravalomanana mianakavy

Noho ny fahatongavan'ny taona vaovao 2023 dia hiarahaba ny filoha Marc Ravalomanana mianakavy ny vehivavy TIM eto amin'ny faritra Analamanga sy ny manodidina, rahampitso zoma 6 janoary manomboka amin'ny 10 ora maraina. Mahatsiaro ny Vehivavy TIM, fa ray amandrenin'ny Malagasy rehetra ny filoha Marc Ravalomanana , ka rariny raha hiarahaba azy ireo izahay, hoy ny fanambaràna nataon'ny filohan'ny Vehivavy TIM Analamanga : Arphine Rahelisoa. Efa misy ny fiomanana atao amin'izany, mba hahatomombana ny zavatra izay ho tanterahana izay nataon'ireo Vehivavy TIM nivory tao Bel'Air. Hisy ny toromarika hoentin'ny filoha Marc Ravalomanana amin'io fotoana io amin'ny asa hatao amin'ity taona 2023 ity, izay hisian'ny fifidianana eto amin'ny firenena, manana anjara toerana lehibe amin'izany ny Andriambavilanitra.

Ny Valosoa

Solontenan'ny Vehivavy TIM nivory tao Bel'Air omaly, nanomana ny fiarahabnaa tratry ny Asaramanitra, ho an'ny filoha Marc Ravalomanana rahampitso zoma.

Depiote Ramboasalama

Nanome fanampiana zokiolona 300 ao amin'ny Boriboritany IV

Noho ny fetin'ny faran'ny taona, nitsenana ny taona vaovao 2023, nanome fanampiana ho an'ny zokiolona ao amin'ny Boriboritany faha-4 ny depiote avy amin'ny antoko TIM, voafidy ao amin'ity boriborintany ity, Emilien Ramboasalama. Fanampiana ireo zokiolona miisa 300 tena sahirana, 70 taona no miakatra, teny amin'ny fokontany Ankaditoho Marohoho, tamin'ny ankatoky ny taona vaovao no natao tamin'izany.Nambaran'ny depiote Ramboasalama tamin'izany fa izao no ntao dia mba hanao fety fitsenana ny taona vaovao 2023 milamina tahaka ny olona rehetra ireo zokiolona sahirana ireo. Nankasitraka ity olomboafidy ity ireo nahazo izao fanampiana izao.

Isambilo

TONONKALO

FIRARIANA TAOM-BAOVAO

Samy mba miandrandra fatratra fiainan-tsoa sy vaovao
Ny Malagasy tahaka ahy, ny Malagasy toa anao,
Fa tena mafy sy mangidy sady novesaran-tsaona,
Ireo rehetra nozakaina tao anatin`ny efa-taona.

Lasa ny andro sy ny volana, toa tsy nisy ny nangirana.
Ny vahoaka no tsaroana ho mihamahantra sy sahirana!
Saingy ny olom-bitsivitsy, mbola sahy mihoaka ihany,
Sady indreo mampanantena "ny tsy misy" hatrany hatrany!

Irony volana eny ambony no tadiaviny halaina.
Irony kintana alinkisa no tetehiny hozaraina.
Nefa ny eo ambany masony sy mameno ny tanànany:
Fako, loto sy olo-noana. Ireo no haingom-pitantanany!

Koa manasa antsika hivavaka sy hibanjina ny lanitra!
Raha mangina tsy miteny toy ny moana Andriamanitra,
Tsy dia hoe mitazam-potsiny ka tsy hita ny famaliny,
Fa mitsapa ny finoana ananantsika sy ny halaliny!

…Mila antsika hiverina aminy sy hitady indray ny tavany,
Andriamanitra mahery fa tsy miova ny fitiavany.
Aza kivy, mahereza, tsy mba foiny ianao fa zanany.
Ho aminao hatrany anie, ho aminao ny fiadanany !

SEDERA RAVALISON (31-12-2022)

Antananarivo, le 27 décembre 2022

APPEL À MANIFESTATION D'INTÉRÊT PAR RAPPORT À NOTRE ESSAI DE RÉPONSE AUX PROBLÉMATIQUES DE DÉVELOPPEMENT DE MADAGASCAR

Toutes disciplines. Cet Appel à manifestation d'intérêt s'adresse à toute personne (physique ou morale) aspirant à l'éradication de la PAUVRETÉ-INJUSTICE.

Dans le cadre de sa vocation d'être un réseau de développement, d'appui et de partage, l'AFK contribue à la mise en synergie d'un grand nombre de liaisons de coopération en constituant un lien interconnecté d'individus/ entités tendant vers la réalisation de leur vision respective en matière de développement effectif et rationnel. **Dans son schéma de développement, l'AFK cherche en priorité des entités susceptibles de contribuer à titre gracieux de préférence à l'approfondissement et la concrétisation des voies et solutions idoines à la paupérisation continue de Madagascar.** Toutefois si les tâches confiées sont trop volumineuses, les prestations pourront être évaluées pécuniairement conformément aux conditions générales d'utilisation (CGU) du réseau et des conditions particulières d'utilisation (CPU) de ses diverses structures de gestion.

Le tour d'horizon et des perspectives d'avenir se tiendra le mercredi 8 mars 2023 à partir de 9h à la salle de réunion de TANA HÔTEL à Antaninarenina Antananarivo lors des Portes Ouvertes d'AFK.

La participation à cet événement se fera sur invitation. Toute demande y afférente est à transmettre à notre Président Fondateur dont les coordonnées sont indiquées à la fin de ce document, au plus tard le 1er mars 2023.

==========

Notre essai de réponse s'insère dans un contexte et une certaine problématique.

Pour sortir du marasme où Madagascar se trouve plongé, AFK (une plateforme de développement organisationnel, industriel et entrepreneurial) pose les actions pressenties qui sont notre humble contribution à la réalisation des vœux d'avenir d'un grand nombre pour notre Nation.

CONTEXTE ET PROBLÉMATIQUE

Une lecture rapide de l'histoire de Madagascar depuis la colonisation jusqu'à nos jours révèle les points suivants :

- L'incapacité de nos dirigeants à tirer parti des points forts et de combler les points faibles du régime antérieur
- La tendance générale à faire toujours table rase du passé, comme si tous ceux qui les ont précédés n'ont rien fait de valables méritant d'être poursuivis et renforcés
- La tendance à toujours refaire la roue pour prouver son « ingéniosité »

- L'oubli volontaire ou par ignorance que l'économie est somme toute un système d'organisation des activités de production, de distribution et de consommation des richesses d'une collectivité humaine ; et que les dirigeants semblent oublier qu'on peut et doit le gérer convenablement.

La gabegie de nos ressources en découle naturellement. **Ne peut-on réellement plus rien faire pour y remédier ?**

En dépit des actions de nombreuses obédiences religieuses soutenant la moralisation des peuples de la Grande Île depuis plusieurs siècles, Madagascar, au lieu d'être une puissance affranchie de l'obscurantisme et de la pauvreté, continue à s'empêtrer dans un appauvrissement graduel et une décadence éhontée des mœurs en sourdine sinon affichée.

Par ailleurs, les potentialités énormes de Madagascar sont souvent citées contradictoirement avec la pauvreté d'une bonne partie de ses habitants, l'opulence d'une frange de la population et de communautés étrangères y résidant. Les efforts de l'État, de libération de l'entreprenariat et d'éradication de la pauvreté massive et de l'injustice obscène, menés de concert avec les organismes internationaux de développement et les partenaires du Pays, butent, notamment entre autres, devant le manque de cohésion des opérateurs malgaches et le manque de conviction de chaque individu sur ses capacités d'y apporter le changement voulu et souhaité. « …Le pays est triste, épuisé ; Les habitants sont abattus, languissants ; Les chefs … sont sans force … » (Voir Isaïe 24 :1-9).

En effet, les entreprises des nationaux sont généralement trop petites pour savoir tout faire et le faire bien, pour être référencées et pour répondre aux appels d'offres importants, pour prendre en charge des projets lourds ou supporter seules la charge d'un salarié supplémentaire ou bénéficier des meilleures conditions commerciales de la part de ses fournisseurs. De plus, les savoir et savoir-faire malgaches, issus des divers établissements de formation de l'Île ou non, ne sont pas suffisamment mis en valeur. La matière grise malgache est sous employée.

Dans ce contexte, quelles voies suivre pour développer la foi (en leur avenir et en leur apport au village global rendu de plus en plus une réalité incontournable dans le cadre de la mondialisation) et la cohésion des citoyens malgaches œuvrant dans tous les domaines ? Quelle structure permanente mettre en place pour assurer la mise en connexion des personnes ressources pour la réalisation de projet spécifique d'industrialisation ou d'entreprenariat dans tous les secteurs économiques et de leur soutien dans leur vie professionnelle ?

ACTIONS PRESSENTIES

Certaines de ces actions sont déjà largement entamées, d'autres nécessitent une plus grande mobilisation des parties prenantes.

Si les entités locales malgaches semblent intervenir de façon verticale, il faudrait une ossature horizontale pour développer et assurer la synergie des diverses structures chrétiennes et non chrétiennes pour agir comme un seul corps et un seul esprit en ayant en vue la concrétisation d'une seule vision pour l'ensemble de la Nation.

DÉFINITION ET CONSTRUCTION DE CETTE OSSATURE HORIZONTALE

Cette ossature horizontale est maintenant clairement définie et construite au terme de plusieurs années de recherche scientifique et technique. C'est une plateforme de symbiose organisationnelle ; un outil lancé à Madagascar par AFK (Antso Fiarahamonina Kristiana) qui a été présenté lors du **Symposium National pour le Développement Industriel et Entrepreneurial de Madagascar**, les 12 et 13 août 2021 à Le Pavé, Antaninarenina, Antananarivo, Madagascar:

- Une solution aux problèmes de développement caractérisée par une démarche de recensement, de valorisation et de déploiement de toutes les ressources existantes aux mains de leurs dépositaires, en ordre agencé avec d'autres dépositaires, de manière à ce qu'elles répondent aux besoins véritables pour lesquels elles ont été créées.
- Un outil facilitant la mise en coopération d'un grand nombre de réseaux de coopération en constituant un réseau d'individus/entités autonomes interconnecté(e)s évoluant ensemble vers la réalisation de leur appel respectif.

Le mécanisme de rouage de ce backbone s'appuie sur neuf piliers-socles interconnectés par une plateforme numérique dénommée TENAOÏKOS. Un ERP au cœur des technologies conçues par les Malagasy. POUR DES INDUSTRIES ET ENTREPRISES VITA MALAGASY, UTILISANT DES TECHNOLOGIES CONÇUES PAR LES MALAGASY, PERFORMANTES À L'ÉCHELLE MONDIALE :

- TENAOIKOS permet de générer en temps réel :
  - des situations des comptes matières et financiers
  - des situations d'exécution des processus et de vérification des spécifications
  - des taux d'occupation des opérateurs humains et non humains (machines ...)
  - de l'adéquation des compétences et tâches attribuées.

- TENAOIKOS permet d'assurer :
  - la maîtrise des processus et des spécifications
  - la maîtrise des comptes matières et financiers
  - la maîtrise des tâches et activités
  - la maîtrise des compétences et des connaissances
  - la maîtrise des spirales d'amélioration continue.

IDENTIFICATION DES ORIENTATIONS GÉNÉRALES D'ÉPANOUISSEMENT DE MADAGASCAR ET DE SES HABITANTS

Ces Orientations Générales découlent des programmes de recherche diligentés par le Centre de Recherche et de Formation CRF-AFK visant à s'assurer de l'assise scientifique et technique de l'alignement stratégique sur la vision existentielle de Madagascar qui étudie les modalités de concrétisation des diverses prophéties sur la Grande Île.

Sept publications scientifiques d'approfondissement des voies et moyens d'implémentation de la Vision Existentielle de Madagascar (Décembre 2020) ont été ainsi réalisées.

Quatre axes majeurs de maturation des peuples de Madagascar sont ainsi identifiés :

AXE 1 : UNE POPULATION MOTEUR ET FINALITÉ DU DÉVELOPPEMENT
AXE 2 : POUR DES MARCHÉS SYMBIOTIQUES ET SYMBIOTISANTS
AXE 3 : UNE NATION SYMBIOTIQUE ET SYMBIOTISANTE
AXE 4 : VERS UN MONDE SYMBIOTIQUE ET SYMBIOTISANT.

Les publications sur ces axes de maturation reposent sur les divers échanges et approfondissements dans le cadre des études menées dans les régions du Pays par la plateforme de développement organisationnel, industriel et entrepreneurial AFK, et par différents organismes (instances étatiques, organisations non gouvernementales, centres de recherche nationaux et internationaux …) via leurs rapports et publications. Un colloque a été organisé dans ce sens : **Le Colloque I de cadrage des interventions pour l'implémentation d'une vision commune pour l'ensemble de la Nation** – 25 & 26 novembre 2021 – Centre Arrupe Madagascar (CA MDG) – Faravohitra, Antananarivo, Madagascar.

IMPLÉMENTATION D'UNE VISION COMMUNE POUR L'ENSEMBLE DE LA NATION
Madagascar sera une Communauté-de-vie (Fiarahamonina) symbiotique et symbiotisante :

- SYMBIOTIQUE : Sans parasitisme mais se soutenant et s'épanouissant réciproquement
- SYMBIOTISANTE : Génératrice de symbiose.

HANDICAP MAJEUR : **TRÈS GRANDE INSUFFISANCE DE CONFIANCE RÉCIPROQUE** !

RÉSULTATS ATTENDUS :

- Une Nation symbiotique et symbiotisante qui n'accepte plus l'existence de laissés-pour-compte en son sein
- Une grande lumière pour les nations : Madagascar sera une Nation-Leader au niveau mondial.

SOLUTIONS AVANCÉES :

- Diffusion des neuf piliers-socles de fondement et d'expansion de la confiance réciproque dans le cadre d'un modus vivendi consensuellement convenu ;
- Organisation (avec les parties prenantes) de larges débats nationaux à tous les niveaux pour une Gouvernance réellement citoyenne caractérisée par la démocratisation financière (citoyen-actionnaire des richesses de sa Nation) en vue d'une véritable démocratisation politique assurant l'effervescence des citoyens pour les affaires de la Nation.
  En d'autres termes, pour que la Population soit effectivement le moteur et la finalité du développement sur les thèmes vitaux de son existence, et qu'il serait inapproprié de voter des amendements à la Constitution avant que ces débats aient eu lieu :
  - La Vision future rayonnante de Madagascar à l'échelle mondiale où toutes les pratiques économiques et gouvernementales soient remises à plat ;
  - La gestion harmonieuse du changement allant dans ce sens dans un Fihavanana, dit symbiotique et symbiotisant, n'admettant plus qu'il y ait d'éternels écrasés et de laissés-pour-compte, une communauté de vie sans parasitisme mais se soutenant et s'épanouissant réciproquement ;
  - L'alignement stratégique VISION –VALEURS – STRATÉGIE – TACTIQUE de tous les efforts de toute la Nation favorisant, entre autres, l'épanouissement des industries et entreprises made in Madagascar utilisant des technologies conçues par les Malgaches;
  - Le déploiement de marchés symbiotiques et symbiotisants comme espaces d'épanouissement individuel et collectif ;
  - Les relations entre les peuples et les bureaucrates ;
  - La refonte de nos systèmes de formation et d'éducation ;
  - Le Statut de l'Entreprise sociale Madagascar où tous les Citoyens malgaches y seront des actionnaires à part entière en détenant une part dans le Capital de la Nation (organisation d'assise nationale allant dans ce sens) ;
- Application des processus de déploiement des toiles de résilience par la mise en œuvre de la symbiose organisationnelle.

ANDRIAMPARANY Ricky 033 14 395 69
Président Fondateur ricky.andriamparany@gmail.com
Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Chercheur au Centre de Recherche et de Formation CRF-AFK, averti des réalités profondes du Pays et disposant de plus de 30 ans d'expérience éprouvée en organisation et stratégie dans des milieux divers. Il a le privilège d'avoir été mandaté par des gens de bonne volonté en tant que consultant **pour identifier les causes de la paupérisation continue de Madagascar, de proposer et piloter les voies et solutions idoines avec les parties prenantes.**

Ses publications permettent :

1) de clarifier le statut épistémologique du Management symbiotique et symbiotisant autorisant sur les plans scientifique et technique la mise en œuvre de la symbiose organisationnelle[1] ;

2) d'identifier la clé d'interprétation de la culture malgache et poser les voies d'implémentation d'un Fihavanana symbiotique et symbiotisant[2] ;

3) d'avancer les pistes de concrétisation des diverses prophéties sur Madagascar en tenant compte des possibilités technologiques actuelles[3] ;

4) de poser les bases d'implémentation des marchés symbiotiques et symbiotisants s'appuyant sur le génie culturel de Madagascar[4];

5) d'identifier les fondements de la Théorie économique symbiotique et symbiotisante[5] ;

6) de cerner les fondements de l'actionnariat citoyen pour une démocratisation financière et une véritable démocratisation politique[6];

7) de cadrer l'instauration d'une Administration symbiotique et symbiotisante dont la raison d'être est l'épanouissement des citoyens malgaches qui ne seront plus considérés comme de simples administrés en tant que propriétaires véritables des richesses de leur Nation[7].

[1] Ricky Andriamparany, *Positionnement épistémologique des transferts de connaissances multi-inter-intra disciplinaires. Nécessité et perspectives d'une approche symbiotique et symbiotisante,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'ÉDITION, juin 2020.
[2] Fitahiana Andrianaja et Ricky Andriamparany, *La gestion harmonieuse du changement dans le Fihavanana. Vers un Fihavanana symbiotique et symbiotisant,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'ÉDITION, juillet 2020.
[3] Ricky Andriamparany, *Alignement stratégique sur la Vision existentielle de Madagascar,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'ÉDITION, août 2020.
[4] Ricky Andriamparany, *Pour des marchés symbiotiques et symbiotisants,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'EDITION, septembre 2020.
[5] Ricky Andriamparany, *La richesse des nations : d'abord l'être humain puis la nature enfin le reste. Vers un monde symbiotique et symbiotisante,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'EDITION, octobre 2020.
[6] Ricky Andriamparany, *Une Nation symbiotique et symbiotisante,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'ÉDITION, novembre 2020.
[7] Ricky Andriamparany, *Une population moteur et finalité du développement,* Collection CRF-AFK, LA MAISON D'ÉDITION, décembre 2020.

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Mbola akon'ny fifampiarahabana tratry ny taona, nataon'ny antoko TIM, ny filoha Marc Ravalomanana sy ny fianakaviany, teny Faravohitra.

DR BARINIAINA FIDY

Mila tsinjovina ny fahasalamana mandritra sy ao aorian'ny fety

Miankina betsaka amin'ny zavatra ataon'ny olona mandritra ny fankalazana ny fetin'ny faran'ny taona sy ny fitsenana ny taom-baovaovao, no hitohizan'ny fiainany hoy Dokotera (Dr) Bariniaina Fidy, tompon'andraikitra ao amin'ny « Clinic Fidy » etsy Ambatomainty sy Anjanahary. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa tsy maintsy manonitra ny fihinanana sakafo be, ny fisotroan-toaka, ny fifohana sigara, ny tsy fahampian'ny torimaso, ny fandihizana ny vatan'ny olona iray aorian'ny fety. Nanamafy i Dr Bariniaina Fidy, fa mba hahazoana ny fahasalamana dia tokony hihinanana ny sakafo maivana ny olona iray aorian'ny niatrehana ny fety, ao anatin'izany ny fampihenana ny tahan'ny sakafo misy « Proteine » toy ny hena, atody, hazandrano … Ny fampihenana ny tahan'ny sakafo mitondra hery sy ny hafanana toy ny menaka ; vary ; lafarinina ; haninkotrana… Nanamafy ny tompon'andraikitra ao amin'ny « Clinic Fidy », fa tokony hiala sasatra sy ampy torimaso ny vatan'ny olona iray aorian'ny fety ary tsy hatao ambanin-javatra ny fihinanana sakafo mitondra vitamina toy ny voankazo sy ny legioma isan-karazany. Nanohy fanazavana ity mpitsabo ity, fa ahena ny fampiasana ny vatana aorian' ny fety ary tokony hisotro rano madio mihoatra ny 1 litatra isan'andro ny olona iray, mba hiverenan'ny fandevonankanina ao anatin'ny vavony. Nampahatsiahy Dr Bariniaina Fidy, fa laharam-pahamehana ny fanarahana ny fepetra arapahasalamana, ho fisorohana ny fifindran'ny aretina Coronavirus mandritra ny fifampikasohana ao anatin'ny fetin'ny faran'ny taona sy ny taom-baovao.

Dr Fidy Bariniaina.

Franck Razakambelo

Alluma Madagascar

Ny fampandrosoana ny fanabeazana no fototra iorenan'ny firenena

Nampianatra sy nanampy aratsosialy an'ireo ankizy sahirana ara-pivelomana no nifantohan'ny fikambanana Alluma: Association Lumière de la lune de Madagascar, nandritra ny taona 2022 lasa teo, mba hahafahana mampandroso ny fiainan'ireo ankizy sy tsy manampiahy eto Antananarivo Renivohitra.Nilaza Andriamatoa Ali Petera, filohan'ny fikambanaa Alluma no sady filohan'ny Fokontany Anosibe Angarangarana, fa miisa 20 ireo zaza mpianatra nampidirina tetsy amin'ny Epp Soanierana, nisy zaza mpianatra maromaro nampidirina tetsy amin'ny Epp Anosibe Angarangara, ny Epp Ampefiloha Ambodirano, ny Ceg Anosibe. Nanohy fanazavana Andriamatoa Ali Petera, fa nanome tosika ara-bola ho an'ireo Ray aman-drenin'ny mpianatra tsy afaka nampiditra ny zanany an-tsekoly amin'ireo sekoly fanabeazana fototra izay voatanisa ireo ity fikambanana ity, niaraka amin'ny fanomezana fampitaovana ny mpianatra, mba hiatrehan'ireto farany ny taom-pianarana 2022-2023. Nanamafy ny filohan'ny Fokontany Anosibe Angarangarana, fa nikarakara didimpoitra faobe ny Alluma nandritra ny taona 2022 lasa teo, ka zaza miisa 112 no fitambarany, ao anatin'izany ny Fokontany Ampefiloha Ambodirano izay misa 50, ny Fokontany Malaza Ampitatafika izay miisa 32, ny Fokontany Anosibe Angarangarana miisa 30. Nilaza Andriamatoa Ali Petera, fa mba hahafahana namalifaly ny ankizy nandritra ny fetin'ny faran'ny taona tetsy amin'ny Fokontany Anosibe Angarangarana dia nizara mofomamy sy vatomamy ho an'ny ankizy miisa 200 ny Alluma. Nanazava ny filohan'ity fikambanana ity, fa hametraka rantsamangaika eny anivon'ny boriboritany miisa 5 eto Antananarivo Renivohitra hatrany amin'ny faritra ny Alluma, manomboka amin'ny taona 2023 , no sady hametraka mpiara-miasa vaovao eny anivon'ny faritra ho fanatsarana ny fanabeazana ho an'ny zaza sahirana. Nilaza ny filohan'ny Alluma, fa mikasa hanangana Akany mitaiza ny zaza sahirana ara-pivelomana sy ny kamboty, ho fanomezana tosika azy ireny ary efa vonona ny toerana hametrahana ny fotodrafitr'asa etsy amin'ny Fokontany Angarangarana Anosibe. Tsy mionona amin'ny fanohanana ny ankizy fotsiny ny Alluma, fa miroso amin'ny fanarahamaso ny fivoaran'ny fiainan'ny ankizy, no sady manofana an'ireto farany hiditra amin' ny seahatry ny asa (fikirakirana ny Informatika), mba hahaleotena eo amin'ny fiainany ny ankizy. Tsiahivina fa Lgt 3 T 275 Bis etsy amin'ny Fokontany Angarangarana, no foiben-toeran' ny Alluma ary maniry hiaramiasa amin'ireo olona na fikambanana malala tanana, ho fanohanana ny zaza amin'ny famitana ny taom-pianaran'izy ireo.

Ireo ao amin'ny fikambanana Alluma.

Franck Razakambelo

Manda Aron'ny maha Malagasy

Misy kristiana sasany manosihosy ny fivavahan-drazana

Hamoha ny fahatezeran'ny olona mpandala ny finoana nentim-paharazana ny fidiran' ny Kristianina sasany, tetsy amin'ny Rovan'i Ambohimanga ny herinandro lasa teo, hoy Andriamatoa Randriandrainarivo Joséphin, mpiandraikitra ao amin'ny vovonana Manda Aron' ny maha Malagasy, satria fanaovana tsinontsinona ny toeram-panamasinana ny zavanisy. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra eo anivon'ny fikambanana Manda Aron'ny maha Malagasy ity, fa manompa ny razana nipoiran'ny olona mpandala ny fomban-drazana ny filazan'ny Kristianina: fa « Tezitra ny devoly », raha toa ka tsy mankasitraka ny fidiran'ny Kristianina any amin'ny sehatra tsy tokony hanatanterahan'ireto farany ny asany ary ny mampalahelo dia tsy mitsahatra mifampihantsy ny andaniny sy ny ankilany, ka mety hitarika zavadoza eto amin'ny firenena, raha tsy misy fepetra raisin'ny fitondram-panjakana amin'ny alalan'ny Ministeran'ny ati-tany, sy ny mpitandro filaminana dieny mbola tsy lasa lavitra ny raharaha. Nanamafy Andriamatoa Andriandrainarivo Joséphin, fa olombelona manan-jo sy hiaro ny maha izy azy ny mpandala ny fomba nentim-paharazana ary manome malalaka ny olona hijoro amin'ny finoany sy ny soa-toavina ara-kolontsainy ny firenena tsirairay araka ny Lalampanorenana, sy ny lalàna iraisam-pirenena, noho izany, tokony hiala tsiny amin'ny zavatra tsy mety nataony ireo olona nikarakara ny hetsika tetsy amin'ny Rovan'Ambohimanga raha toa ka olon-kendry ireto farany. Miantso fitoniana manoloana ny savorovoro ny mpikambana ao amin'ny Manda Aron'ny maha Malagasy ary tokony ho entina am-pahendrena ny fandaminana ny zavatra tahaka izao, mba hisorohana ny ady sy ny fifamonona eo amin' ny samy mpiray tandindrazana. Tsiahivina fa miaro ny maha izy azy an'i Madagasikara izay miompana amin'ny zon'olombelona ity fikambanana ity, ao anatin'izany ny fiarovana ny fiteny ; ny fomba amam-panao ; ny tany ; ny kolontsaina ; ny tantara ; ny finoana. Sarotiny amin' ny trangan-javatra niseho tetsy amin'ny Rovan'Ambohimanga, izay toerana iaingan'ny lohanjavatra rehetra ho an'ny mpandala ny fomban-drazana, izy ireo.

Izy no Andriandrainarivo Josephin.

Franck Razakambelo

Coupe des Sélections régionales U19

Nampahafantarina manontolo teny Isoraka tamin'ny talata

Tamin'ny talata 03 janoary 2023 lasa teo no nampahafantarin'ny avy amin'ny FMF manontolo tamin'ny mpanao gazety, ny mikasika ny fanatanterahana ny fifaninanana baolina kitra « Coupe des Sélections régionales U19 ». Ny filohan'ny « Commission Jeune » ao amin'ny FMF, Rosario Mario, sy ny Dtn, Rasoanaivo Rado, no indray nitafatafa tamin'ny mpanao gazety ny mikasika an'io fifaninanana io, ka tamin'ny alalan'ny Visio Conférence" sy tamin'ny alalan'ny firesadresahana nivantana tamin'ny mpanao gazety arapanatanjahantena Malagasy, no nanaovana an'izany. Mazava loatra fa nisy ny fifampiarahabana am-bava ny nahatrarana ny taona vaovao 2023 nataon'ireo tompon'andraikitra roa ireo. Ny tena tanjona amin'ity hetsika « Coupe des Sélections régionales U19 » ity, hoy Andriamatoa Mario, dia ny famerenana ny ho tompondakan'ny baolina kitra tanora, izay tsy tanteraka tamin'ny taona 2022 ny nanatanterahana azy noho ny hoenti-manana ara-bola. Tena tsy maintsy ilaina dia ilaina anefa ny fanatanterahana ny "politique de relève du football" eto amintsika, hoy izy, ka tsy maintsy natao ity fifaninanana ity. Hisy ny fitiliana an'ireo mpilalao tanora handrafitra ny Barea de Madagascar rahatrizay ao anatin'ny fifaninanana, hoy izy, ka hanomboka any amin'ny dingana voalohany izay ho tanterahina amin'ny 6,7,8 janoary 2022 izao izany ary ho tohizana amin'ny dingana faharoa, ho tontosaina manomboka amin'ny 25 febroary ka hatramin'ny 5 martsa 2022 ho avy izao ary ho faranana amin'ny dingana fahatelo, izay mbola ho faritana amin'ny manaraka ny hanatanterahana azy. Ho tanterahina any amin'ireo "Site" miisa 8 ity dingana voalohany ity, hoy ny DTN Rasoanaivo Rado, ka hiavaka ny "Site Antalaha" sy ny "Site Taolagnaro", izay ho ligim-paritra roa ihany no handrafitra azy ireo amin'ny dingana voalohany. Ny "Site Mahajanga" niova ho Port Bergé noho ny fanamboarana ny kianja Rabemananjara, ka nafindra ho 13-14-15 janoary ny fifaninanana dingana voalohany. Hisy « Compétition Club » hanamafy ny « base » aorian'ity fifaninanana natokana hoan'ny ekipa voafantin'ny ligim-paritra 23 ity, hoy hatrany izy. Hiavaka ny fisian'ireo "Detecteur" roa isaky ny "Site" isanisany manomboka amin'ny dingana voalohany, ka hatramin'ny dingana fahatelo. Hisesisesy amin'izay ny fanatanterahana ny hetsika ho an'ny tanora sy vehivavy aorianan'ity hetsika « Coupe des Sélections régionales U19 » ity. Afaka harahi-maso amin'izay ireo mpilalao voatily amin'ny fahaiza-manaony rehetra aoriana kely.

Rainilita

Valandresaka teny Isoraka.

Basikety Malagasy hiatrika Mondial U19, 2023 »

Nifarana ny herinandro teo ny fampivondronana voalohany

Nifarana ny herinandro teo ny famivondronana voalohany niendrika ho "Stage bloqué", nanomboka tamin'ny alatsinainy 19 desambra 2022 lasa teo ho an'ny Ankoay U19 lehilahy, manomatena hiatrika ny "Coupe du Monde U19", ho tanterahina any Hongrie hanomboka amin'ny 24 jona ka hatramin'ny 02 jolay 2023 ho avy izao. Vinavinainy ho any amin'ny volana aprily 2023 any ho any indray, no hiatrika ny fampivondronana faha-2 ity Ankoay U19 ity, hoy ny Tale Teknika Nasiônalin'ny FMBB, Andriamatoa Angelot, fa dia efa mankasitraka sahady an'ireo tsara sitrapo rehetra vonona hifanome tanana amin-dry zareo mpikarakara toy ny efa nataon'ny maro tamin'iny fampivondronana voalohany iny izahay, hoy izy. Singanina manokana amin'izany etoana ireo klioba nanaiky ho "Sparing Partenaires" an'ny Ankoay U19 dia ny ekipan'ny Dtsc sy ny Ambb, ny Com, ny Raddion Blu Hotel, ny Telma Madagascar , ny Ymaggos sy Phygos, ny Tafita ary ireo mpanao gazety ara-panatanjahantena rehetra.

Rainilita

Ankoay U19, 2022, nahavita fampivondronana voalohany.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 24/12/2022 hatramin'ny 31/12/2022

- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1386-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

Manana lalana hamoahana ny firenena ao anaty fahantrana

Firenena mihitsoka ao anaty fahantrana saika amin'ny lafiny rehetra no zava-misy eto nandritry ny taona maro izay. Lasa raiki-tampisaka ankehitriny ny sondrobidim-piainana, ny fidangan'ny vidim-piainana izay miseho amin'ny alalan'ny fiakaran'ny vidin-javatra saika isan'andro. Lasa "mifampihinana" amin' izay azony isarangotana ny vahoaka, ary mazava loatra tsy ilaozan'izany ny fanambakana sy ny fifampitsentsefana amin'ny endriny maro samihafa. Very an-javony ilay fahendrena maha malagasy "Aleo very tsikalakalam-bola, toy izay very tsikalakalam-pihavanana".
Mihitsoka ny toekarena amin'ny ankapobeny ary miha- mitotongana mihitsy aza. Tsy hita soritra izay fanarenana mazava, noho ny fiankinan-doha be loatra amin'ny any ivelany (60% amin'ny fampandehanan-draharaham-panjakana), sy ny tsy fahaiza-mitantana ary ny fahalovana. Tsy voatrandraka amin'ny tokony ho izy ny harena anatiny toy ny olona, ny harem-pirenena, sns… hany ka manjaka ny ampihimamban'olon-tokana sy olom-bitsy. Potika ny toekarena sy ny fihariana maro samihafa. Ny lafiny politika, voafatotry ny lasin-tsaina voarafitra tandrefana no niainana hatramin'ny nahazoana fahaleovantena. Eo amin'ny andavanandrom-piainana na ny fiainam-pirenena dia mahazo vahana ny tsy fifampitokisana, ary ny ratsy aza mifampiandry kendry tohina indraindray. Tsy misy ny firaisan-tsaina amin'ny fampandrosoana. Tsy misy ny vina iombonana hahasoa ny firenena sy safidy mahomby amin

Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.

'ny lalan-kivoahana ao anaty fahantrana.
Manana tanjona lehibe hitondra fanovàna hanatsarana ireo lafiny maro samihafa maha fadiranovana ny firenena ireo ny Antso Fiarahamonina Kristiana. Fanovàna tsara ho fampandrosoana sy fampivelarana iombonana an'i Madagasikara sy ny Malagasy, ka hamaha ireo olana amin'ny sehatra rehetra ireo. Fiarahamonina vaovao no atolotry ny AFK izay hitsinjo ny mpiray tanindrazana rehetra tsy an-kanavaka. Fiarahamonina misy firaisan'aina (symbiotique) sy mampisy firaisan'aina (symbiotisant). Fiarahamonina tsy mifampitsentsitra, tsy mifanambaka, fa mifanohana, mifamelona, mifanome tànana, mifampivelatra. Ny tanjon'ny AFK dia hanatanteraka ny vinan'Andriamanitra ho an'i Madagasikara izay efa hatramin'ny ela, ary efa vonona avokoa ny fitaovana ho amin'izany, fa miandry fotsiny ny fijoroan'ny olom-pirenena hiara-hientana. Koa ny ifandraisana, antsoy ny 0341746053.

Aris

Kaominina Ampitatafika

Fokontany 2 samihafa nahazo paompin-drano miisa 2

Vita ny fanavaozana an'ireo lava-drano fatsakana ao amin'ny Fokontany Soavimbahoaka sy ny Fokontany Ambodizozoro, ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ampitatafika, distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Nanolotra ny toeram-patsakana ho an'ny mpiandraikitra ny Fokontany Soavimbahoaka ny Zoma teo ny Ben'ny tanàna Ramparaoelina Rado, sy ny mpiara miasa aminy. Nanazava ny ben'ny tanàna, fa paompin-drano efa simba ity nohavaozina ity ary ny volan'ny Kaominina madiodio no niantoka ny fandaniana rehetra. Nanamafy Ramparaoelina Rado, fa mampalahelo ny mahita ny mponina monina eny an-toerana, izay maka rano any amin'ny toerana lavitra, noho izany nanolotra fanomezana ho an'ny mponina ao amin'ny Fokontany Soavimbahoaka ny fiadidian'ny Kaominina Ampitatafika, mba hiatrehan'ireto farany ny fetin'ny faran'ny taona sy ny taom-baovao. Nilaza ny ben'ny tanànan'i Ampitatafika, fa nanolotra paompin-drano iray hafa ho an'ny Fokontany Ambodizozoro ny Kaominina ny herinandro teo, mba hahafahan'ny mponina misitraka ny rano fisotro madio. Nanambara ny ben'ny tanàna, fa tsy andoavam-bola ny rano alain'ny olona amin'ireo fatsakana miisa roa ireo mandritra ny volana Janoary 2023, ho fitsinjovana ny fahasahiranan'ny mponina eny an-toerana. Nanohy fanazavana ity olom-boafidy ity, fa namboarin'ny Kaominina Ampitatafika ho lasa « Pavé » ihany koa ny lalana mirefy 50 metatra ao amin'ny Fokontany Avaratetezana Ankadilalana RIP 34 (Route d'intervetion Provinciale) ary hovain'ny fiadidian'ny kaominina ho beton izany lalana izany amin'ity taona 2023 ity, ho fitsinjovana ny fivezivezen'ny olona eny an-toerana.

Franck Razakambelo

Paompin-drano vita ao amin'ny kaominina Ampitatafika Atsimondrano.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 417



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0416)

Mitsivalana
- Mahanoro
- Ala - Lava
- Na - Diana
- Dimy - Toy (miv)
- Inona
- Dadafara
- Osy

Mitsangana
- Mandidy
- Alaina
- Ha – Mody
- Dina
- Nay – Afo
- Ovay – As
- Rano – Ry
- (H)olatra

TENY MIFANAPAKA N° 417



Mitsivalana

1. Fitifirana sy Fandrobana **2.** Jiaby - Apetraho, Aza raisina **3.** Nasitrika **4.** Fototenin'ny fialonana - Mari-bola **5.** Tsy masaka (miv) – Saka tsy nisy lohany **6.** Afovoany – Fomba fanao rehefa voan'ny sery **7.** Azo amin'ny herinaratra **8.** Foko (miv) **9.** Tsy manaiky (miv) – Ilay kitapo nifonosana **10.** Zava-maniry masiaka (miv)

Mitsangana

A. Zava-maranitra - Fanindronana **B.** Ray , Dada – Fahita lavitra – Naoty **D.** Nifampiankina**E.** Maharitra – Eo anelanelan'ny malala **F.** Vola na solon-tsakafo omena ny sahirana **G.** Tsy te hijery (miv) – Vorona (Br) **H.** Laoka – Soloina **I.** Esotra - Fanampin'anarana(miv) **J.** Nampisafidy – Nandray (miv)- Mamarana ny korana **K.** Naoty ratsy – Fanao amin'ny sakafo (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0416

Mitsivalana
1.Filoha - Ela **2.** Anaranareo **3.** (F)iar (a) - O.K **4.** Ambony **5.** Voa - Soa **6.** ka (miv) - Variana **7.** Lay - Nadika **8.** Foara **9.** Bara - Izy **10.** Natao - Nify (miv)

Mitsangana
A Fahavalo **B.** In - Moka - Bà **D.** Lamba - Tafy (miv) **E.** Ro (miv) - Ora **F.** Haingana **G.** Anay - Rary **H** Ar - Sida - If **I.** Re (miv) - Voay - If **J.** Leo - Ankizy **K.** Aoka - Aa - Ny (miv)

NY TENY FIAINANA

Fa Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo araka ny hareny amin'ny voninahitra no amin'i Kristy Jesosy.
Filipiana 4:19

JUDO SOKAJY MINIME/CADET/JUNIOR/SENIOR

Fantatra avokoa ireo tompondaka 2022

Nifarana tamin'ny alakamisy 29 desambra 2022 tao amin'ny kianja mitafon' Ankorondrano ny fifaninanana "Championnat de Madagascar 2022 de Judo" sokajy "Minimes", "Cadets", "Juniors" ary "Seniors", izay nandraisana mpikatroka nahatratra 250 avy amin'ny ligim-paritry ny judo miisa 7 anjara. Marihana fa tamin'ny talata 27 desambra lasa teo no nanomboka ity fifaninanam-pirenena eo amin' ny taranja Judo ity, ka nahitana ny hetsika "passage de grades" sy AGO an'ny FMJ sy ny fifaninanana tamin'ny ankapobeny. Ny fanolorana ny gradin'ireo afa-panadinana no natao teo anelanelan'ny fifaninana hoan'ny sokajy "Cadets" sy "Juniors" tamin'io fotona farany tamin'ny alakamisy 29 desambra io raha efa tontosa tamin'ny andron' ny alarobia kosa ny fifaninana hoan'ny sokajy "Minimes" sy "Séniors". Ny ekipan'ny St Michel Amparibe sy ny Esca Antanimena ary ny Judo Club CCS Tuléar no nitana ny laharana voalohany sy faharoa ary fahatelo tamin'ity fifaninanana ity izay samy nahazo avy (Volamena 9, Volafotsy 9, Alimo 6) hoan'ny ASM voalohany, (Volamena 9, Volafotsy 8, Alimo 6) hoan'ny ESC faharoa ary (Volamena 4, Volafotsy 2, Alimo 3) hoan'ny CCS faha-3. Ireto avy ireo tompondaka Minime/Cadet/Junior/Senior 2022 : -Tolotra Yvan (Asc), Heritovo (Jjt), Reno (Esc), Yakin (Red), Sanda (Asm), Lohan (Nja), Maharitra (Hak), Luciah (Csf), Anna (Jlp), Colline (Esc), Lindsey (Asc), Angelo (Cjc), Rina (Asm), Rayan (Esc), Fetra (Esc), Karamaly (Ccs), Lebrun (Ccs), André (Ccs), Emiliame (Fja), Fanjaniaina (Cjc), Narindra (Asm), Frédérica (Esc), Laura (Asm), Jocyah (Csf), Haingoniaina (Jci), Jules (Ccs), Stéphano (Asc), Emison (Fja), Mirado (Esc), Mandresy (Asm), Irintsoa (Asm), Manoa (Hak) Roumaica (Esc), Samantha (Asm), Angela (Jjt), Flavien (Red), Eduardo (Esc), Lova (Asm), Roberto (Esc), Michel (Usc), Emilame (Fja), Fanjaniaina (Cjc), Sarah (Jjt), Victoire (Fja), Laura (Asm), Jociah (Csf). Nahatratra 37 isa kosa ireo Judokas nahazo grady vaovao : 1er dan (13), 2è dan (7), 3è dan (14), 4è dana (1) ary 5 è dan (2).

"Championnat de Madagascar – decembre 2022".

Rainilita

BAREA CHAN

Tamin'ny alatsinainy alina hifoha talata no tonga any Tunisie

Nigadona any Tunisie tamin'ny alin'ny alatsinainy 2 janoary hifoha ny Talata 3 janoary 2022 ny delegasiôanan'ny baolina kitra Malagasy, ahitana olona 34 isa, misy an'ireo mpilalao mandrafitra ny BAREA CHAN miisa 23, hiatrika ny fifaninanana Chan Algérie 2023, ho tontosaina amin'ny zoma 13 janoary ka hatramin'ny sabotsy 4 febroary 2022 ho avy izao, ka amin'ny 15 janoary 2022 izy ireo no hikatroka amin'i Ghana, ny 19 janoary no hifampitana amin'i Maroc ary ny 23 janoary 2022 no hifanandrina amin'i Soudan. Ao amin'ny Hôtel LA CIGALE izy ireo no miantrano mandritra ny fivahinianan'izy ireo any Tunisie izao. " Stage bloqué " no ho tontosaina any Tunisie, ka amin'ny 6 janoary izao izy ireo no hifanandrina ara-pirahalahiana amin'ny ekipampirenen'i Congo Brazzaville ary amin'ny 9 janoary ho hifanandrina amin'ny ao Tabarka, Tunisie.

Delegasiôna Malagasy nigadona tany Tunisie.

Rainilita

Cristiano Ronaldo

Nifindra any amin'ny ekipan'i Al-Nassr any Arabia Saodita

Cristiano Ronaldo.

Rehefa nifarana tamin'ny novambra 2022 lasa teo ny fifanarahan'ny ekipan'i Manchester United, sy ilay kintan'ny baolina kitra paortigey, Cristiano Ronaldo dia nanapakevitra ny nanao fifanarahana mandritra ny 2 taona sy tapany ao amin'ny ekipa saoudiana, Al-Nassr, ny lehilahy, ka vola mitentina "200 millions d'euros" no azony avy amin'izany. Ny tanjonay, hoy Andriamatoa Garcia filohan'ny Al-Nassr dia ny hampandrosoana ny baolina kitra Saoudiana, ka ho faly izahay rehefa ho afaka hampifandrindra ny fahaiza-manao amin'ny Al-Nassr izy, ka hahita fafiny amin'izany ary koa afaka hanome fahafaham-po hoan'ny "supporters saoudiens". Tao amin'ny kianja «le Mrsool Park » ao Al-Nassr no naseho vahoaka voalohany tany Arabie Saoudite izy, ka mpitia baolina kitra naherin'ny 25000 isa no efa niandry azy tao.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa

Tao aorian'ny fihinanana sakafo matsiro tamin'ny fety, sakafo matsatsotsatso indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. **Rona henomby sy anatsonga sy angivy**, no atolotra anao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny fanetsiketsehana ny vatana

Ny soa azo avy amin'ny fanetsiketsehana ny vatana, na fanatanjahantena indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra anisan'ny mahafohy ny andro iainana ny tsy fampiasana vatana.
Tandremo ho an'ny miasa mipetraka maharitra tsy mampiasa vatana ireny , avy eo mbola mandeha fiara mody , zara fa mihetsika ny vatana .
Lasa malemy ny taolana , ny hozatra , tsy miasa tsara ny fo sy ny saina ary ny lalan-drà , mikorontana ny taova , lasa constipe na mitohana lava , marary aty na vavony vokatry ny stress sy ny tsy fahitana tory amin'ny alina .
Ny olona mampiasa vatana matetika dia salama , tsy dia misy stress , matory tsara amin'ny alina.
Maka fotoana ampiasana vatana in- 4 isak'herinandro, ohatra: manao marche na mandeha an-tongotra 60min in-4 isak'herinandro , tsara ho an'ny fo , ny saina , ary ny vatana rehetra izany.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Antsiatsiaka distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Antsiatsiaka distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Antsiatsiaka ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Any afovoany atsimon'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Tsy mbola azo lazaina ho tena avo toerana izy, satria 431 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny kafe, ny voankazo isan-karazany toy ny letchi, ny manga.